Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana mamoron-javatra tsy voatsinjo lavitra

Amin'ity fitondrana Rajoelina ity no sambany ahenoina ny fisiana karazana mpanohitra eo anivon'ny firenena. Amin'izay indray faritany amin'izay mahametimety azy, fa tsy araka ny zotra tokony ho izy marina sy hahasoa ny firenena. Mazava loatra, fa ny kajikajy no be ao anatin'izany, izay fomba fiasa sy fanaon'ity fitondrana ity hatramin'izay nahatongavany teo amin'ny fitondrana izay tato anatin'ny roa taona sy tapany izao.

Raha ny tsikaritra, ny fitondrana Rajoelina dia tsy mba mahay mitsinjo lavitra amin'izay hahasoa ny firenena amin'ny lafiny politika. Ohatra iray amin'izany, ny fandaniana natao letrezana ny lalampanorenana tamin'ny taona 2010. Nisehoana olana anefa izany taty aoriana taona vitsivitsy monja sahady, raha hiditra tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo. Ny antony, noho ny tsy fijerena lavitra ireo namolavola izany, fa nikendrena fotsiny ihany izay olona tiana hirotsaka na olona tiana hailika tsy ho kandidà, mbamin'izay kajikajy maro samihafa ankoatra izany.

Ankehitriny, ny vavan'ireo olom-boafidiny miara-dia amin'ny fitondrana no nilaza, fa misy ireo mpanohitra ara-dalàna. Izany hoe, ireo olom-boafidy ao anatin'ny Antenimieram-pirenena izany. Raha sahy hilaza toy izany koa ny ao amin'ny Antenimierandoholona, dia tena fivilian-dalana tsotra izao amin'ny fitantanam-pirenena, satria iaraha-mahalala tsara, fa tsy nandray anjara tamin'ny fifidianana loholona sy tsy manana olona ao amin'io andrim-panjakana io ny antoko mpanohitra. Raha sahy milaza fa misy mpanohitra ao dia tena mampieritreritra lalina ny maha loholona azy ireo.

Raha nambara ary fa misy ireo mpanohitra ara-dalàna voahidy ao anaty trano, dia izany hoe misy ireo tsy ara-dalàna. Iza ary ireo lazain'ny fitondrana na ireo miara-dia aminy ho tsy ara-dalàna? Hanavakavaka izany ny mpitondra sa ahoana no amaritany azy? Faritany amin'izay araka ny sainy fotsiny ihany na hamoromporonana lalàna maimaika eo toy ny fanaony ve? Fijeriny sy heviny manokana izay, ary tsy nakàna ny hevitry ny vahoaka izay nanome fahefana azy. Eo indrindra ilay hametraka olana, satria mandingana vahoaka tokony handrianina. Ary izay indrindra no tsy hampandroso ny firenena ary mety hiteraka olona indray any aoriana. Ity fitondrana ity sy mpiaradia aminy tsy manana saina hitsinjo lavitra. Rehefa mipoitra ny olana vao mikoropaka ary manilika ny andraikitra amin'ny hafa na ireo tsy mitovy hevitra aminy. Efa hita izany tamin'ny andron'ny tetezamita dia izao mbola mitohy izao indray. Fitondrana tsy hitondrana fivoarana marina sy mendrika ny vahoaka Malagasy izao fitondrana izao raha ny fahitana ny zava-misy.

Sôh'son

Achim Kely, RMDM Mahajanga

Tsy mahomby ny fitondrana Rajoelina, kamboty Mahajanga

Nivahiny tamin'ny fandaharana tamin'ny fahitalavitra tsy miankina iray ny faran'ny herinandro teo, nivantana avy any Mahajanga, ny filohan'ny RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia any Mahajanga faritra Boeny, Achim Kely. Tsy niolakolaka ny teny nataony tamin'izany, fa nahitsy sy nivantana, mahakasika ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana. Fandrosoana tapany no hita amin'izao, "werawera" no mameno ny fampanantenana natao tamin'ny vahoaka, hoy ity mpanao politika ity. Natao ny fanombohana nefa tsy vita hatramin'ny farany, tsy hilaza isika afa-tsy ny trano manara-penitra, "gymnase". Tsy manan-kery na angôvo hiady amin'ny fanjakana izahay, satria mavozo gadra hoy ny mpanohitra notarihan'i Achim Kely. Havanana amin'ny fanagadrana ny tsy mitovy hevitra politika aminy mantsy ity fitondrana Rajoelina ity, hoy ihany izy. Mijaly ny vahoakan 'i Mahajanga, azo lazaina tsy misy mpiahy, fa kamboty izahay hoy hatrany ny nambarany. Tsy sahy miatrika ny vahoaka ny mpitondra eto Mahajanga. Rehefa mitabataba kely ny vahoaka dia zaraina vary mora mba hangina. Izany hoe tsy manana vaholana afa-tsy fizarana vary mora ny mpitondra ao Mahajanga, hoy ity mpitarika ny rodoben'ny mpanohitra ity.

Stefa

Achim Kely, mpitarika ny RMDM any Mahajanga.

1,100 MILIARA DOLARA

Tsy volan'ny mpitondra fa an'ny vahoaka Malagasy

Nitsofana mozika sy nidobohana aponga fatratra ny fahazoana ilay vola mitentina 1,1 Miliara dolara Amerikana , fanampiana azo taorian'ny fivorian'ny « IDA » na « International Development Association », izay miankina amin'ny Banky Iraisampirenena ihany.

Ny teny no tsy atao be ny mamerina azy no manahirana, satria mbola tadidin'ny rehetra ilay vavabe nataon' Ingahy Filoha Rajoelina nanao hoe: na amin'ny taona 2030 na 2050 na 2060 aza isika malagasy dia tsy handroso raha miantehitra amin'ny mpamatsy vola iraisampirenena. Tsy tahotra tsy henatra anefa fa Ingahy Filoha mihintsy no anisan'ny be ady varotra tamin'ny fivoriana notanterahina tany Abidjan farany teo , toetran'Andrarosy tsotra izao no nasehony tany ivelany farany teo.

Nandefitra ny sehatra iraisampirenena, satria ny vahoaka malagasy no tsinjoviny, ka nomena ny vola 1,1 Miliara dolara Amerikana. Etsy andaniny anefa tsy mba mahay manetry tena manoloana izany fandeferan'ny sehatra iraisampirenena izany ry volomboasary, fa dia mbola manao avo vava sahala amin'ny gisalahy mangalaketsa, mahasahy miteny hoe nahomby hono ny fitantanana matoa azo ny fanampiana, kanefa dia ny fahatram-bahoaka vokatry ny tsy fahombiazan'ny mpitondra no anisan'ny nampangoraka ny Banky iraisampirenena, ka nampipotsaka ny volabe.

Ny foiben'ny banky iraisam-pirenena any Washington.

Ny tsy takona afenina aloha dia gaboraraka tanteraka ny nitantanana ny vola fanampiana niatrehana ny aretina koronaviriosy, ka asa raha mbola manantena ny hanao taridrano ankilaila ry zatra ny lalandririnina, sa mba efa mailo amin'izay satria tsy isan'andro akory ny fetin'ny ankizy, ary azo antoka fa manomboka izao dia ho hentitra amin'ny fanarahamaso akaiky amin' izay ireo mpanome vola.

Mikasika io vola azo io dia tsorina avy hatrany fa vola mbola trosa , baben' ny vahoaka malagasy, noho izany dia mila mailo ny vahoaka malagasy , satria tsy maintsy hanao bala rora indray ry mpamita-bahoka hilaza, fa raha miala eo ry zareo dia tsy hitohy intsony ny fahazoam-bola, ny azo eritreretina anefa dia ny fahatsapan'ny Banky Iraisampirenena hoe efa misasaka ny fotoampiasan' Ingahy Filoha, ka tsy mampaninona raha omena ny saosy, satria efa mety tsinjon'ireo any amin'ny sehatra iraisampirenena, fa kely sisa no ananany azy , na mety efa hita taratra ihany koa fa tsy hateza intsony io. Ka ny mpitondra hisolo azy ireo no azo antoka fa hahaverina ireo trosa be.

Ny vola aloha izany efa azo, raha ny tokony ho izy dia natao hiatrehana ny fahasahiranam-bahoaka io vola io, fa tsy hananganana fotodrafitrasa tsy ihinanan-kanina, ka manomboka izao dia tokony samy hijoro ho mpanaramaso avokoa ny vahoaka malagasy , satria ny anarantsika olompirenena mananjo no nentin'ny mpitondra nanao Andrarosy tany ivelany, ary tokony ho hentitra tanteraka isika tompom-bola amin' ny hisokafan'ny loharanombaovao momba ny fitantanana , satria tokony harahimaso toy ny volandrakitra any am-piangonana io fanampiana io.

Ny Valosoa

TONONKALO

NIOVA HEVITRA INDRAY ?

Niova hevitra indray fa hoe tsy hanisy fanovana ?
Dikany dia "tena favo" ny rehetra ka voatana ?
Ry "be vava" hatrany izany no manindry ery aloha,
Dia io fa entiny amin`ny sangany ka manaiky ny filoha ?

Niova hevitra indray fa hoe tsy hanisy fanovana ?
Dondrona ireo manakiana , kilasiana ho sanana ?
Inona no zava-bita , asehoy hoe hojerena.
Ny vahoaka mihamahantra no amboaram-pandresena?

Niova hevitra indray fa hoe tsy hanisy fanovana ?
Nefa fotaka tanteraka ny antsasaky ny taom-piasana!
Mihamitombo ny mpanohitra ary sahy miseho mivantana,
Ka aleo dia tsy manova sao ho ratsy be ny tantana ?

Dia hiroso indray ny sambo n`inona n`inona hidonany,
Nefa hatreto dia tsy fantatra `zay ho toerana hiantsonany?
Raha ny zava-misy anefa dia tsy ho tratrany ny morona,
Fa toa ny vahoaka hatrany no hanjary lasa sorona.

Ka na miova na tsy miova, tsisy intsony manantena,
Fa ny bokotra rehetra efa nivadika ho mena.
Ka ny ekipa manontolo no aoka hahay hanaja tena,
Apetraho ny fialana , izay no tena fahendrena !

DADAN`i ZINA (17-07-21)